



**MINISTERE DES TRANSPORTS ET DE LA METEOROLOGIE
DIRECTION GENERALE DE LA METEOROLOGIE
DIRECTION DES EXPLOITATIONS METEOROLOGIQUES**

N°03/07/MTM/SG/DGM/DEM.18

FILAZANA MANOKANA MOMBA NY RIVODOZA NY 14 MARTSA 2018

TAMIN'NY 05 ORA HARIVA

Tamin'ny 03 Ora teo dia any amin'ny 620 Km Atsinanana Avaratra Atsinanan'Antalaha no misy ny foiben'ilay Dépression Tropicale N°07. Mety hahazo anarana anio alina izy io.

Raha ny vinavina dia hitombo hery hatrany izy ary hanantona miandalana ny morontsiraky SAVA. Tombanana hiditra antanety izy ny Zoma antoandro 16 Martsa ho avy izao. Mety ho lasa Rivodoza mahery na Cyclone Tropical ity andro ratsy ity alohan'ny hidirany.

Tsy misy fiovana ny Filazana loza voarain'ireo faritra voakasik'izany dia: **SAVA, DIANA, SOFIA, ANALANJIROFO, ATSINANANA, ALAOTRA MANGORO, BOENY, BETSIBOKA ary ANALAMANGA** mba hampiatra ny fepetra mikasika ny filazana miloko maintso.

Hihamafy ny rivotra ary hahazo hery mianadalana koa ny ranomasina amin'ny morontsika eo anelanelan'ny Toamasina sy Cap d'Ambre manomboka anio alina.

Entanina sahadry ny mpampiasa ranomasina mba hitandrina ary hanaraka ny toromarika omen'ny tompon'andraikitra ny fifamoivoizana andranomasina.

BULLETIN CYCLONIQUE SPECIAL DU 14 MARS 2018 A 17 HEURES LOCALES

La Dépression Tropicale N°07 est localisée à environ 620 Km à l'Est-Nord-Est d'Antalaha. Les bases d'analyse de ce jour prévoient une intensification progressive du système tout en s'approchant de nos côtes. Le scénario de trajectoire reste maintenu c'est-à-dire un atterrissage sur SAVA est attendu dans la journée de Vendredi 16 Mars 2018.

Dans ce contexte d'exposition, l'alerte verte reste inchangée pour les régions ci-après: **SAVA, DIANA, SOFIA, ANALANJIROFO, ATSINANANA, ALAOTRA MANGORO, BOENY, BETSIBOKA et ANALAMANGA.**

Des pluies torrentielles associées à ce système vont perdurer du 15 au 17 Mars avec des cumuls très importants sur Analanjirofo, Sava, Atsinanana, Alaotra Mangoro et le Sambirano.

Dès cette nuit, des dégradations des conditions météorologiques en mer sont à prévoir entre Toamasina et Cap d'Ambre. Les usagers en mer sont priés d'être prudents et de bien suivre les prescriptions de sécurité fournies par les autorités de navigation maritime.

Prochain bulletin : le 15/03/2018 à 10 heures

